Petites Sœurs Missionnaires de la Charité
(Don Orione)
Maison générale
Via Monte Acero, 5 – 00141 Roma
www.suoredonorione.org

"Ny fahamasinana no mendrika ny tranonao,
mandritra ny faharetan'ny andro rehetra, ry Iaveh ô!"
(Sal 92,5)

Prot. MG 33/14

Ry rahavavy malala isany,

an-kafaliana lehibe no hitodihako aminareo amin'ity indray mandeha ity mba hangataka ny hevitrareo amin'ny initiative tsara iray, izay tiantsika hatomboka, ho an'ny fankalazana ny faha-100 taona niorenantsika, sady fomba iray hiomanantsika amin'ny taonan'ny Olom-boatokana ihany koa. Fifandrifin-javatra anankiroa samy araka ny fandaharan'Andriamanitra ho an'io taona 2015 manaraka io.

Miaraka amin'ny fankatoavan'ny Mpanolontsaina jeneraly, taorian'ny nampahamatorana ity hevitra ity tao anatin'ny vavaka sy nandritra ny volana vitsivitsy, dia manome soson-kevitra aho ny hanombohana ny fikarakarana fananganana olon-tsambatra ireo Rahavavintsika sasantsasany.

Tsy azo lavina fa faly isika ary mankasitraka ny Tompo nohon'ny fandrosoana, indrindra tamin'ireto taona farany ireto, momba ny fikarakarana an'i Soeur Marie Plautilla Cavallo izay efa Vénérable amin'izao fotoana izao, ny fitombon'ny fangataham-pahasoavana amin'ny alalany, izay tsy amin'ny amin'ny toerana misy antsika fotsiny fa eo amin'ireo laika ihany koa sy ireo fahasoavana tsy tambo isaina azon'ireo nitalaho am-pinoana sy fitiavana tamin'ny alalany.

Fa mbola manana endrika maro hafa koa isika, izay sarobidy amintsika, ary tadidintsika nohon'ny fahamasinam-piainan'izy ireo, ny fijoroany ho vavolombelona sy ny hazavana navelan'izy ireny, any amin'ny toerana samy hafa misy antsika any.

Azo antoka fa hanontany ianareo hoe: inona no antony hieritreretana fananganana olontsambatra hafa indray? Tsotra ny valiny dia izao: mba hamelombelomana ao amintsika ny faniriana sy ny ezaka amin'ny fahamasinana, mba hitady endrika hafa ao amin'ireo marobe izay nomen'ny Tompo antsika tao anatin'izay 100 taona niainan'ny Fikambanantsika izay, ka mety hanosika antsika, ho ohatra, hankahery sy hivavaka ho antsika; endrika hafa akaiky kokoa antsika eo amin'ny taona, ary ankehitriny dia mbola mitohy ny "fahavelomany" sy ny hameroveron'ny fahamasinany ao amintsika, eo anivontsika ary koa ho an'ny laika maro.

Ao amin'ny teny fanolorana ny Actes de XI° Chapitre général, am-pieritreretana ny faha-100 taonantsika, dia nanoratra toy izao aho: "*te ho tonga amin'izao vanim-potoana manan-danja eo amin'ny fiainan'ny Fianakavian-*

drelijiozintsika izao isika, miaraka amin'ireo zavatra maro hisaorana an'Andriamanitra sy hanomezam-boninahitra ny anarany: misaotra nohon'ny fahamasinan'ny Mpanorina antsika Md Luigi Orione sy ireo rahavavintsika marobe, izay namaritra ny lalana izorana, ka diavintsika rehetra izao..."[1].

Ankehitriny dia iriko raha isika rehetra no hiara-manavao izay fisaorana izay, izay fiderana ny Tompo izay, amin'ny fanolorona ny Fiangonana Rahavavy vaovao. Tsy tianay ary tsy azonay Conseil général samy irery hatao izany; fa tianay ny hampandray anjara anareo rehetra, ny tsirairay aminareo, amin'izao discernement izao, amin'izao fihainoana ny Fanahy Masina izao, amin'izao làlana hamantarana ny Sitra-pon'Andriamanitra izao. Satria ny fahamasinana dia fanomezan'Andriamanitra mandrakariva, amin'ny fahitany fo misokatra sy malemy paika amin'ny Fahasoavany, ka mampahatonga azy ireny hitovy Aminy akaikikaiky kokoa, mifandraika amin'ny fihetsem-pon'ny Zanaka, ka noho izany dia mitafy ny fahamasinana "*izay hita ao an-tranony*", dia tsy inona fa fahazavana, ohatra velona ary fanantenana ho an'ny Fiangonana sy izao tontolo izao.

Hoy i Don Orione hoe: "*Ny fahamasinana! Ny faniriana ny fahamasinana! Ny zava-drehetra dia tonga aorian'izao: ho tanteraka amiko sy aminareo rehetra ny fikasan'Andriamanitra. Ny Fiangonana: ny Papa, ny vahoaka mpino ... ny tsy vita batemy sy ny vita batemy; ny olo-marina sy ireo mpanota mahantra dia tsy manan-javatra hafa antenaina afa-tsy ny fahamasinana. Ankehitriny ny Fiangonana dia mila andian'olomasin*a".[2]

Ny Fikambanantsika dia nanana masera marobe izay nihaino an'i Don Orione sy niaina feno ny fanokanan-tenany tamin'Andriamanitra sy tsy nivadika taminy tamin-kafaliana, am-pitiava-namana, am-pahamasinana!

Ary izao dia tiako ny mangataka fiaraha-miasa sy fiaraha-mientana aminareo, amin'ny PSMC tsirairay amin'izao fandraisan'anjara amin'ny discernement izao.

Rehefa avy naka ny hevitr'i P. Aurelio Fusi, postulateur izahay, dia nieritreritra tsara ny tsy hanome anareo ireo "*anaran*" ny "*candidate*" ahafahanareo mifidy, fa kosa miainga any aminareo sy avy any amin'ny olona hafa. Koa angatahana ny hanoloronareo anarana mba hanomezana fahafahana ny bitsiky ny Fanahy Masina sy amin'izay vinavinainareo momba ny fiainana sy ny fikatsaham-pahamasina'ireo rahavavintsika, ary avy eo dia hanao ny discernement.

Mba hanatanterahana an'izany dia misy toromarika sasantsasany atolotro anareo amin'ny *fiche manokana*, izay hampiasain'ny tsirairay sy miaraka, ahafahanareo mivavaka, mifanakalo hevitra, manao discernement ary amin'ny farany dia manome soson-kevitra ny amin'ireo Masera izay heverinareo fa "*malaza amin'ny fahamasinana*". Omeko fahafahana ianareo fa kosa am-pahamailoana hanontany laika na relijiozy, voafidy tsara, izay afaka hanampy anareo tsara.

Mangataka aminareo aho mba hanatanteraka ity fandraisan'anjara sy fiombonana ity haingana araka izay azo atao, sy **handefa ny valiny aty amiko alohan'ny 30 aogositra izao**. Mba hanamora sy hanafaingana ny communication dia azonareo atao ny mandefa ny fiche misy ny valin-teninareo amin'ny alalan'ny mailaka amin'izao adiresy izao: mabelspagnuolo@gmail.com, na koa amin'ny adiresy mahazatra: Maison générale, Via Monte Acero 5, 00141 Roma, ary alefa mivantana amin'ny anarako.

[1] Cfr. PSMC, Actes du XI° Chapitre général, Présentation, p. 13.
[2] Don Orione, lettre du Tortona, 9 mai 1914, Ecrits 52,194.

Ry rahavavy malala, hivavaka amin'ny Tompo izay tompon'antoka amin'ny fahasinana isika, ka izao initiative izao anie, voalohany indrindra, mba ho fotoam-pahasoavana lehibe, ka ny tsirairay amintsika, ny ankohonantsika tsirairay no samy hanavao ny faniriana, ny fitiavana ary ny engagement ho amin'ny fahamasinana.

Hangataka amin'ny Ray Mpanorina antsika dia i Md Luigi Orione koa isika mba hanampy sy hiaraka amintsika amin'izao làlana ataontsika izao; mba ahafahantsika manovo ao amin'ny fahamasinany ka hiainantsika an-kafaliana sy am-pitiavana nohavaozina ny fiainana masina ihany koa. Ny olomasina dia fahazavana mandrakariva ho an'ny Fiangonana sy izao tontolo izao. Jereontsika am-panantenana izy ireo! Isika ihany koa, miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny firaiketana Aminy an-kalalahana, dia afaka ho tonga amin'ny fitiava-namana igagàna eo amin'ny andavanandrom-piainantsika, ao amin'ny fifankatiavana anaty ankohonana sy any amin'ny misiona. Mbola averin'i Don Orione hatrany hoe: "*mila zanaka masina aho!*" Teneniny amiko sy aminao ary amintsika rehetra androany hoe: "*mila zanaka masina aho!*"

Arahaba ry Maria dia roso ny dia! Roso hatrany!

Fihiniko an-kafaliana sy am-pitiavana ao amin'ny Tompo ianareo tsirairay ary manao veloma anareo amin'ny anaran'ny Conseillères générales koa aho.

Miombona mandrakariva ao amin'ny Eokaristia, ary mifanohana am-bavaka hatrany!

Fraternellement:

Sr. M. Mabel Spagnuolo
Supérieure générale

Rome, Maison générale, 16 jolay 2014
Fetin'i Masina Maria niseho tao an-tendrombohitr'i Karmely